

Fanaovana tsianjery ny lesona ao amin'ny PACES: fampiasana taratasy fotsy.

Ao amin'ny P1 ny asanao dia tokony HA-NDE-HA-HO-AZY (ME-CA-NI-QUE) ary tokony ho voarindra amina kisary tsotra, azo averimberina.

Tsotra ny kisary :

A) MANDAMINA – MANATANTERAKA – MAMERIMBERINA

Tokony hataonao ao an-tsaina mandrakariva fa tokony ho voarindra manaraka dingana telo ny asanao :

1 – **NY VAKITENY VOALOHANY**, dingana voalohany natao hilonana ao anatin'ny lesona ary fiezahana hahazo azy. Tafiditra ao anatin'io dingana io ihany koa ny fanatrehana ny fampinarana ataon'ny mpampianatra.

2- **NY FIANARANA**, ao anatin'io dingana io no hampiharana ireo fomba fiasa mikasika ny fanamorana fitadidian-javatra sy ny fianarana mba hahazana ny lesona ohatra ny mihinambary.

3- **NY FAMERIMBERENANA**, ity no dingana lehibe indrindra, averimberinao jerena ny lesona azonao amina elanelam-potoana voafaritra mazava tsara sy mahomby, toy ny famerenana ny vakisiny fanefitra hiaro anao amin'ny fanadinoana.


Misy fifandraisana tsy azo ihodivirana eo amin'ireo dingana telo ireo: ny **fanaovana tsianjery** ny lesona!

misy ifandraisany lehibe tokoa amin'ny hatsaran'ny asanao ny fahaizanao manao tsianjery, ary indrindra amin'ny laharam-pahamendrehana azonao amin'ny faran'ny PACES.

Mahita mpianatra betsaka aho ao amin'ny PACES izay tsy mahay akory ny mamerina ny lesony. Miainga amin'ny mpianatra izay mamaky, miverina mamaky ary mbola miverina mamaky fotsiny ihany ny lesony efa voavaky izany, hatramin'ireo izay faly mandoko fotsiny ny tahirin-kevitra tahadika nomena azy amin'ny alalan'ireo karazana pensilihazo-ranomainty *stabilos* maro kanefa tsy mahafantatra akory ny antony hanaovany izany.

Fa dia misy hafa koa hitako, mifanohitra amin'izany, izay mandany tapak'andro maninjitra mihitsy mamerina mandika isaky ny teny tsirairay ny lesony.

Ny fampiasana taratasy fotsy :



Tsy hahalany 45 minitra akory ao amin'ny PACES ny fanaovana tsianjery lesona adiny roa, amin'ity fomba fiasa mikaroka ny fahombiazana ity,.

Mila maka taratasy fotsy ianao ataonao eo anoloanao ary tokony hotanisainao eo ny lesona miainga amin'ny ireo teny manandanja, fanafuhezan-teny ary ireo sariohatra maro isankarazany mivoaka avy ao an-tsainao.

Ny tanjona dia tsy ny mamerina mandika ny lesona akory fa ny mamerina azy amin'ny fomba isan-karazany izay ahazoanao tombony ara-potoana.

Mba hahafantarana raha mety ny famerenan-desona ataonao, dia tokony ho hita anaty takila iray ihany izy, ary tsy misy latsaka akory ao anatiny rehefa manao fanitsiana ianao ary izay olona mijery ny vakiraokanao dia tsy hahazo n'inona n'inona.



Ho ahy manokana, ny nianatra tsianjery ny drafitra antsipirian'ny lesona, ny miezaka manakatra izay lazainy ary ny mandray fahalalana betsaka araka izay tratra no nataoko nandritra ny vakiteny voalohany..

Rehefa manao ny famerenan-desona aho, dia miainga amin'ny drafitra izay haiko tsianjery aloha ary andramako velabelarina araka izay vitako izany.

Ataovy ao an-tsaina mandrakariva fa tsy hahavita hanao tsianjery ny lesona 100% mihitsy akory ianao amin'ny voalohany, ho tonga miandalana tsikelikely arakaraka ny famerimberenana atao eo ny fahalalana, toy ny horonan-tsary izay iverenanao jerena imbetsaka.

Nahatratra hatramin'ny 30-40 % izany ho ahy tamin'ny famerenana voalohany, nihoatra ny 95 % kosa ny nialoha ny fanadinana.

Aorian'ny famerenan-desona tsianjery nataonao dia tsy maintsy manao fanitsiana amin'ny alalan'ny lesona ianao.

Mariho tsara ireo fahadisoanao rehetra nataonao ! satria ny tanjona amin'ny famerenan-desona manaraka dia ny hahavitsy indrindra ny fahadisoana, dia toy izany hatrany....

Ny mpianatra sasany dia mahavita mamerina ny lesony amin'ny feo avo, izay mety ho safidy mahomby satria mora sy haingana kokoa mazàna ny am-bava noho ny an-tsoratra, ary betsaka kokoa ny tombony hoan'izay manana fitadidiana am-pihainoana.

Raha hitanao fa mandany mihoatra ny adiny iray hatramin'ny adin'ny iray sy sasany ny fianaranao ho tsianjery ny lesona dia misy manahirana anao ao izany :

- na ianao mahery manoratra be loatra toy izao



- na tsy tena mifantoka tsara ianao ! manaova ary fialan-tsasatra kely dimy minitra raha tany vao tsapanao fa tsy mifantoka tsara ny sainao.